



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-277

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA
FAHA-023/2023 MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA,
TAONA 2024

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alakamisy 30 Novambra 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Lucien Irmah
- RAHANTANIRINA Lalao

FOTOANA: Alakamisy 30 Novambra 2023, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Nitohy ny Alakamisy 30 Novambra 2023, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa TSARADIA Marco, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 28 Novambra 2023 maraina sy hariva sy ny Alarobia 29 Novambra 2023 maraina sy hariva tamin'ny 10 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. TSARADIA Marco
3. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. HENRI Jean Michel
6. RAVONTY Tam Téon Luc
7. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
8. RALAIVAO Paul
9. VONINAHITSY Jean Eugène
10. RAMBOASALAMA Emilien
11. RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol
12. RANDRIAMAMPISOA Alfred
13. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
14. RAZARA Pierre Fidèle
15. BAVY Angelica Michèle
16. RABEKIJANA Solofo Hery
17. RATSIMBAZAFY Alain Jean
18. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona
19. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana tonga nivory:

Andriamatoa isany:

1. RAMBOASALAMA Emilien
2. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona
3. MONG-MANN Bismark

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. JOHASY RAHARISOA Eléonore
2. RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol
3. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana
4. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTONDRAVAO Georges
2. RAZANADRABEARIMANANA Jacque Aurélien
3. RAMAMONJISOA R John Whary
4. RASOLOMANANA Beby Olivier
5. TOVONDRAY Retsanga Brillant de l'Or
6. RAKOTOMANJATO Rodin
7. RAZAFIMANANTSOA Hanitra
8. RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | | |
|-----|--|-----------------|
| 1. | RAMANAMPANOHARANA Andry | SG/MEF |
| 2. | GERMAIN | DGI/MEF |
| 3. | RASAHAVELO | DGCF |
| 4. | NDREMISARA Tarzan | DG INSTAT |
| 5. | RAKOTO DIMBY | DEME/MEF |
| 6. | RAKOTOARISOA Boris | DGI/DLFC/SFI |
| 7. | RAVOAVY Tovo Ansen | CM/CAB/MEF |
| 8. | MARC.J.Haritiana | DIRCOM/MEF |
| 9. | ANDRIAMAHAZOSOA E.Headman | MEF/DGD/DAJLF |
| 10. | RANDRIANOELY Herilala | MEF/DGD/DSD |
| 11. | RAZAFINDRAINONY Thierry José | MEF/DGD/DLV |
| 12. | RATSIMBAZAFY F. Jimmy | DGBF/DB/SSB |
| 13. | RANAIVOSON Andotiana H. | DGCF/DB/SSB |
| 14. | RAHANTASOA Yolande | MEF/DGD/DSCD |
| 15. | RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 16. | RAKOTOMALALA Andriantsoa Maminiana Christian | MEF/DGBF/DGEAE |
| 17. | LAINKANA Zafivanona | DGD/MEF |
| 18. | RAJAONARISON Njakanasandratra | DGEP/SPCM |
| 19. | RANDRIANIRINA Hanitra | DE/DGT/MEF |
| 20. | RANDRIAMAROLAFY Odile | DGT/DE/SSAE |
| 21. | RAKOTOBÉ H. Tahina | DGT/DE/SEI |
| 22. | RASENDRA Jo Amigo | DGBF/DB |
| 23. | RANAIVOSON Haja L. | DGT/DDP/SASD |
| 24. | RAOELINA Andrianina Soafara | DB/SSPI |
| 25. | RANAIVOZANANY Jerry | DGBF/DB |
| 26. | RAJONSON Zaratiana | DB/MEF |
| 27. | RASOLOFOMANANA Gerzhino | DGEP/DFIE/SSIC |
| 28. | RAKOTOMALALA Hary | DLFC/DGI/MEF |
| 29. | TIANAMANAMBIANA | CSLF/DLFC/DGI |
| 30. | ANDRIANIRINA Serge W | DGI/DPR |
| 31. | RANDRIANARISON Sitraka T | MEF/PCNM |
| 32. | RASOLOMAMPIONONA V | SSPI AB/MEF |
| 33. | RALISOA Fara Ny Hery | CE/DLFC/DGI |
| 34. | ANDRIANIRINA Harison R | DGI/DLFC/SFI |
| 35. | DONAH | DGI/DPR/SSP |
| 36. | RAHARISON Thiery | MEF/DGD/DLV/SLR |
| 37. | RAZAFINANDRIAMANDROSO Voahary | DGBF/DB/SSB |
| 38. | FIARANANIRINA J. | DGBF/DB/SSB |
| 39. | MIHAJAHERIZAH Paola | DGBF/DB/SSB |
| 40. | RAKOTOMAMONJY Tahiana | CRR/ARMP |
| 41. | TOVANAMILA J | CAB/CT |

| | | |
|-----|-------------------------------|-------------|
| 42. | RAMANITRINIONY Misa | SSPI |
| 43. | RASAMIRAVAKA Ioby | DGI/DDP |
| 44. | RAMIANDRISOA Olivier | DGIP |
| 45. | ANDRIANOMANANA Razafindramavo | DGBF/DB/SSB |
| 46. | PICARD Wiffieda | DGBF/DGEAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'ireo teknisiana ny fitenenana mba hitondran'izy ireo fanazavana mikasika izao Volavolan-dalana momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2024 izao.

VINAVINA ARA-TOEKARENA

Notombanana ho 4% ny fisondrotry ny harikarena faobe amin'izao taona 2023 izao raha toa noheverina fa ho 4,9% izany tamin'ny vinavina natao ny taona 2022. Antony maro no nahatonga izany, toy ny fisondrotry ny vidim-piainana na ny fihenana ny tinady mikasika ny vokatra ny harena an-kibon'ny tany eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Ny tanjon'ny Fanjakana dia ny hahatrarana 4,5% io taha io amin'ny taona 2024, ka hahitana fiakarana 4,4% ny "secteur primaire", 5,1% ny "secteur secondaire" ary 4,5% ny "secteur tertiaire". Vinavinaina ho 5,6% ny fisondrotry ny harikarena faobe ny taona 2025 ary 6,4% ny taona 2026.

Ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana dia notombanana ho 10% tamin'ny taona 2023 "moyenne période" izay nahitana «glissement» 8%. Ezahina ho 7,3% anefa izany amin'ny taona 2024 «moyenne période» izay ahitana «glissement» 7,7%.

Mitentina 1 816 300 000 DTS ny "réserves en devise" izay ananantsika ary heverina hahavitana manafatra entana mandritra ny 4,6 volana.

Eo amin'ny "taux de change", 4 429.5 Ariary ny iray Dolara tamin'ny taona 2023 ary vinavinaina ho 4 611.1 Ariary ny taona 2024 izay ahitana fidinana na «glissement» 4.1%. Ny "Euro" kosa dia 4 650 Ariary ny taona 2023 ary vinavinaina ho 4 950.1 Ariary ny taona 2024 izay nahitana fidinana na "glissement" 3.88%.

Ny fidiram-bolan'ny Fanjakana dia miompana amin'ny vola ampidirin'ny hetra sy ny Fadintseranana. Tombanana ho 5 492 710 000 Ariary ny hetra anatin'ny hiditra amin'ny taona 2024 ary 4 687 000 000 Ariary ny amin'ny fampidiram-bola amin'ny haban-tseranana.

Teboka efa no entina manatratra ny tanjona ara-ketra dia ny fanatsarana ny fitantanana ara-ketra na "amélioration de la gestion fiscale", ny fampananana antoka ireo vola miditra avy amin'ny hetra na "sécurisation des recettes fiscales", ny fanatsarana ny vola miditra ara-ketra ho an'ny CTD ary ireo fepetra amin'ny fandrilihana ara-ketra na "mesures d'incitations fiscales".

Mikasika ny Fadintseranana, mbola tohizana ny ezaka natao tamin'ny fampiasana ara-kajy mirindra ny fitantanana ny fanatanterahana sy fizotry ny raharaham-panjakana eo anivon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana na ny "digitalisation de la gestion des processus administratifs et opérationnels de l'Administration douanière". Toy izany ihany koa ny fanitarana ny fahita soritaratra ho 100% na ny "extension du scanning à 100%". Heverina ho mari-toerana ny vidin-tsolika sy hidangana ny fitadiavana akora fototra.

Tompanana ho 14 774 Miliara Ariary ny fandaniana amin'ny taona 2024. Izany dia miompana amin'ny teboka telo lehibe dia ny ara-tsosialy izay hiakatra 341 Miliara Ariary, ny fampiroboroboana ny indostria izay hiakatra 77 Miliara Ariary ary ny fahaiza-mitantana sy ny fitsinjaram-pahefana izay ahitana ny "subventions" omena ireo Kaominina niakatra 16,66%.

Marihina fa latsaka ny vola miditra raha ampitahaina amin'ny fandaniana, ka hamenoana azy dia misy ny "prêts-projets" sy "prêts-programmes" iarahana amin'ny PTF ary ny "système bancaire".

Taorian'izay, niroso tamin'ny vola miditra na ny "recettes" ny fanazavan'ny teknisiana, ka ahitana ny vola miditra amin'ny hetra anatin'ny ary ny fampidiram-bola amin'ny haban-tseranana.

NY VOLA MIDITRA

- NY VOLA MIDITRA AMIN'NY HETRA ANATINY

Tsy nitsaha-nitombo ny hetra ary azo lazaina fa tsy dia nisy fiantraikany firy tamin'izany ny olana ara-pahasalamana nisy teo amin'izao tontolo izao na ny krizy nisy teo amin'ireo tany miady, toy ny any «Ukraine».

Ireo fototra irafetan'ny fampidiran-ketra ny taona 2024 dia natao hitsinjoavana indrindra ny fahamarinan-toeran'ny paikady momba ny hetra, ny fihazonana ireo tahan'ny hetra amin'ny ankapobeny ary ny fanohizana ny fandraisan'anjaran'ny hetra teo aloha ho fampandrosoana ireo sehatra marefo vokatry ny olana ara-pahasalamana «COVID».

Ny taona 2023 dia 4 233,76 Lavitrisa Ariary ny hetra voaangona ary vinavinaina ho 5 492,71 Lavitrisa Ariary izany amin'ny taona 2024.

Misy fepetra roa noraisina ho fanatsarana sy hanatratrarana ny tanjona amin'ny fampidiran-ketra:

- Ny fepetra ara-ketra
- Ny fepetra ara-pitantanana ny hetra

Toy izao manaraka izao ny mikasika ny fepetra ara-ketra.

Ny hetra mikasika ny vola miditra na ny «Impôt sur les Revenus» (IR)

- Fampiakarana ho 400 000 000 Ariary ny « seuil minimum d'imposition à l'impôt sur les revenus » raha 200 000 000 Ariary izany teo aloha;
- Fampihenana ny faharetan'ny fotoana mamaritra ny antsoina hoe « établissement stable »;
- Mikasika ny fandanina ataon'ny mpampiasa ho an'ny fiahina ny fahasalaman'ny mpiasa dia nakarina ho 10%-n'ny «masse salariale» no ekena ho anisan'ny fandaniana azo esorina rehefa mikajy ny hetra aloa amin'ny vola miditra;
- Betsaka ireo orinasa maniry handray anjara amin'ny asa sosialy, ka mba ho fampirisihana azy ireo dia nekena fa saingy voafetra ho 75%-n'ny fanomezana ataon'izy ireo ho an'ny «fondation reconnue d'utilité publique» no azo esorina amin'ny vola miditra rehefa mikajy ny hetra;
- Napetraka ny fepetra mikasika ny «prix de transfert» momba ny fifandraisana ara-barotra ho an'ny samy mpandraharaha;
- Nohavaozina ny hetra farany ambany aloa raha tsy nahazo tombom-barotra ny orinasa iray.

Ohatra amin'izany, ny nampiakarana ho 500 000 Ariary miampy 1%-n'ny vola miditra manomboka amin'ny taona 2024 raha efa hatramin'ny taona 2003 izany no tsy nisy fanovàna;

- Ferana ho teny malagasy na frantsay ny teny ampiasaina eo amin'ny fanaovana ny «comptabilité» mba hanamorana ny famakiana azy satria misy ny orinasa mampiasa ny teny anglisy na sinoa.

Ny tamberim-bidy mikasika ny solika na “redevance sur les hydrocarbures”

- Manomboka izao dia aloa vola fa tsy azo atao vokatry intsony io tamberim-bidy io
- Nofaritana ny fitsinjarana io tamberim-bidy io ka ny 50%-n'ny «redevance» dia omena ny OMNIS ary ny 50% ambiny kosa dia an'ny Fanjakana sy ny CTD (ka ny 25% ho an'ny Fanjakana fa ny 75% an'ny CTD).

Ny hetra tambatra na ny «Impôt Synthétique»

- Nampiakarina ho 400 000 000 Ariary ny «seuil maximum d'imposition»;
- Ny orinasa manome fanomezana ho an'ny “Fondation reconnue d'utilité publique” dia afaka misitraka ny fihenana ara-ketra hatramin'ny 2% ny fandaniana laniny amin'izany;
- Atao amin'ny alàlan'ny banky na “mobile money” ny fandoavam-bola mba hialana amin'ny fikirakirana vola. Efa 95% ny orinasa manao «télé-paiement».

Haba amin'ny tombam-bidy na «Taxe sur la Valeur Ajoutée» (TVA)

- Omena fahafahana ny orinasa hanao fahiana ara-tsosialy, ka tsy iharan'ny TVA ny fangalana entana na vokatry tao amin'ny tahirin'entana raha toa homena ny «Fondation reconnue d'utilité publique» izany. Hisy «attestation de destination» amin'izany.
- Ekena ho azo esorina ihany koa ny TVA tamin'ny entana novidiana ka homena ireo «Fondations» voalaza ireo rehefa mikajy ny TVA harotsaka any amin'ny Fanjakana.

“Impôts Locaux”

Fampitomboana ny hetran-tany alaina farany ambany ho 2000 Ariary.

Fepetra iraisana na “Dispositions Communes”

Hisy ny sazy sy ny lamandy ho an'ny orinasa tsy manaja ny fepetra momba ny «prix de transfert».

Misy koa ny fanavaozana ny lamandy sy ny sazy izay natao hifanaraka amin'ny vola miditra.

«Zones et Entreprises Franches» (ZEF):

Nisy fanoritana mazava ny momba azy ireo mikasika ny TVA

Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra na «Code des Procédures Fiscales»

- Hisy ny fanaraha-maso hatao hahafantarana ny tena tompon'ny orinasa;
- Haseho ampahibemaso ny olona nandoa na tsia ny hetra; toy izany koa ireo izay manana trosan-ketra amin'ny Fanjakana
- Ezahina ny hahatonga ireo orinasa tsy manara-dalàna (informel) izay mahatratra 70% ka hatramin'ny 80% mba ho lasa ara-dalàna (formel).

Toy izao manaraka izao ny fiantraikan'ireo fepetra noraisina.

Raha mikasika ireo fepetra ara-ketra dia vinavinaina ho 270, 87 Lavitrisa Ariary ny vola hiditra:

- 30,20 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «prix de transfert»;
- 18,50 Lavitrisa Ariary avy amin'ny lavanila;
- 30,50 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «extension de paiement»;
- 12,80 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «opération financière»;
- 26,50 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «régime fiscal unique»;
- 23,80 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «amélioration»;
- 08,50 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «impôts sur les marchés publics»;
- 23,80 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «tenue de comptabilité»;
- 42,52 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «minimum de perception»;
- 05,90 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «retenue à la source»;
- 36,40 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «exportation».

Raha ny fepetra ara-pitantanana ny hetra indray no jerena dia vinavinaina ho 320,05 Miliara Ariary ny vola hiditra:

- 50,00 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «contrôle fiscaux»;
- 12,50 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «suivi de contrats de performance avec tous les bureaux opérationnels, les DRI»;
- 60,00 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «suivi de recouvrement de l'IMP»;
- 97,49 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «déploiement de SAFI».
- 05,80 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «formalisation du secteur informel»
- 73,45 Lavitrisa Ariary avy amin'ny «paiement delta du secteur pétrolier»
- Ary 20,81 Lavitrisa Ariary avy amin'ny fanafoanana ny «protocole d'accord sur la compensation des dettes-créances de l'Etat»

Taorian'izany, niroso tamin'ny Fadintseranana ny fanazavana.

- **FADINTSERANANA**

Vinavinaina hampiditra 4 687 000 000 Ariary ny Fadintseranana ny taona 2024. Mba ahatratarana izany tanjona izany, hotohizana ny «digitalisation des processus administratifs et opérationnels de l'administration douanière» ary ny fanafainganana ny «passage à la frontière» sy ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana. Ao ihany koa ny tsy fametrahana «droit de sortie» ho an'ireo harena an-kibon'ny tany aondrana any ivelany.

Raha ny antsipirihany no jerena, ahitana fanovàna ao amin'ny "code des douanes", ao amin'ny "tarifs des douanes" izay misy fiantraikany eo amin'ny vola miditra.

1. **Code des douanes**

- Nofoanana ny «franchise» sy ny fepetra manokana ho an'ny sambo;
- Natao ny «limitation des concurrences» ao amin'ny Fadintseranana, ohatra amin'izany ny famadihana ireo entana lany daty ho zezika na ho sakafo-m-biby;
- Nitarina ho 5 taona ny «délai d'intégration»-n'ny "Zone Franche" izay fepetra napetraky ny FMI ho fanatsarana io sehatra io;
- Misy ny fepetra fanatsarana ny «droit d'arbitrage»;
- Misy ihany koa ny fepetra ho an'ny «Opérateur Economique Agréé».

2. Tarif des douanes

- Fanenana na fampiakarana ny taha amin'ny vokatra vitsivitsy hahafahana mifaninana amin'ny entana afarana;
- Misy ny «système harmonisé» sy ny «catégorisation des produits»;
- Misy fanatsarana ny «accord» tany Afrika-Pasifika momba ny «liste d'exclusion».

Ny politika momba ny «tarif des douanes» dia:

- Natao 5% ny «produits usines»;
- 10% ny «consommation intermédiaire»;
- 20% ny «consommation finale».

3. Impact fiscal

Vinavinaina ho 4351 Miliara Ariary ny vola hiditra ao amin'ny Fadintseranana izay hisy fiantraikany 4,5% eo amin'ny fiakaran'ny toekarena.

Taorin'izay, niroso tamin'ny famelabelarana mikasika ny fandaniana ny teknisiana.

- FANDANIANA

Mitentina 14 774 Miliara Ariary ny fandaniana eo amin'ny Andrimpanjakana sy ireo Minisitery entina hanatanterahana ireo «mission» miisa 54 sy «programme» miisa 145. Ny «postes budgétaires» vaovao dia miisa 14 466.

Endrika telo no azo andiniana ny fandaniana ato amin'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona 2024: fitsinjarana «par secteur», “par catégorie” ary par «entité publique».

Raha tsinjaraina “par secteur” dia ahitana ny sehatra sosialy, ny fampandrosoana ny eny amin'ny tontolo ambanivohitra, ny seha-pamokarana, ny fotodrafitrasa, ny fanohanana ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, sns.

Hita taratra fa nitombo ny anjara toeran'ny fandaniana nomena ny sehatra sosialy ao amin'ny volavolan-tetibola amin'ny taona 2024 ka lasa manana anjara 36,5% raha toa 34,5% izany ny taona 2023. Tsikaritra ihany koa fa nitombo ny anjara natokana amin'ny fanaovana fotodrafitrasa.

Ahitana fizarana 3 kosa raha ny «dépenses par catégorie» no jerena dia ny «dépenses de solde», ny «fonctionnement hors solde» ary ny «Investissement» izay mizara ho «PIP sur Financement externe» ary ny «PIP sur Financement interne».

Mitentina 4 086 855 800 Ariary ny «dépenses de solde» ny taona 2024 raha toa 3 623 910 000 Ariary izany ny taona 2023. Io fiakaran'ny io dia avy amin'ny «composantes structurelles», toy ny «avancements» sy «reclassements» sy ireo «composantes externes» izay mikasika ny fandraisana mpiasam-panjakana vaovao ohatra. Ahitana fihenana ny «déficit» ho an'ny «Caisses de Retraite Publiques» noho ny fiakaran'ny vola miditra avy amin'ny «cotisant» manoloana ny vola mivoaka amin'ny alàlan'ny «Pension de Retraite».

Mitentina 2 824 493 658 Ariary ny fandaniana mikasika ny «dépenses de fonctionnement hors solde» ary mitsinjara amin'ny «indemnités», ny «biens et services» ary ny «transfert».

Ny PIP araka ny efa voalaza etsy aloha dia ahitana «PIP sur financement interne» sy ny «PIP sur financement externe». Ny ankamaroan'ireo «PIP sur financement interne» dia ny «dépenses incontournables» sy ny fanohizana ny asa mbola tsy vita kanefa maika. Ny «PIP sur financement externe» kosa dia vokatry ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiaramiombon'antoka avy any ivelany, toy ny AFD na ny «Banque Mondiale» ohatra. Ao ihany koa ny loharanom-bola hafa, toy ny «vente de crédits-carbones».

Ny fitsinjarana ny fandaniahana isaky ny Andrimpanjakana sy ireo Minisitery kosa dia efa voarakitra ao amin'ny andininy faha-6 ao amin'ny Volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolampanjakana amin'ny taona 2024.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fijerena ny fifandanjana momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolampanjakana ho amin'ny taona 2024 ny mpivory.

FIFANDANJANA

Mizara dimy lehibe ny «Cadre» ao amin'ny «Tableau d'Equilibre Général»:

Ny «cadre 1» izay ahitana ny «Budget General de l'Etat» dia ahitana fandaniahana 17 907 Miliara Ariary raha toa ahitana fidiram-bola 12 706 Miliara Ariary.

Ny «cadre 2» izay ahitana ny «Budget Annexe» izay misy fidiram-bola 52,1 sy fandaniahana 52,1 Miliara Ariary ahitana 7,5 Miliara Ariary ho fampandehanana ny raharahan'ny Paositra ary ho an'ny «Imprimerie Nationale» dia ahitana 51,9 Miliara Ariary izay ahitana «fonctionnement» 42,5 Miliara Ariary sy «investissement» 9,4 Miliara Ariary.

Ny «cadre 3» izay misy ny «Comptes Particuliers du Trésor» dia ahitana fidiram-bola 1372,1 Miliara Ariary sy fandaniahana 1919,2 Miliara Ariary.

Ny «cadre 4» misy ny «Opérations sur Fonds de Contre Valeur» dia ahitana fidiram-bola mitentina 0,3 Miliara Ariary izay azo avy amin'ny famadihana ho vola ny fanampiana avy any ivelany vokatr'ireo fifanarahana samihafa. Ahitana fandaniahana na «Dépenses d'Investissement» mitentina 12,1 Miliara Ariary ihany koa izany.

Ny «cadre 5» na «Opération en Capital de la Dette Publique» dia ahitana trosa anaty mitsinjara toy izao: fihenana ny «encours» mikasika ny «Bon du Trésor» izay mitentina 642,1 Miliara Ariary; «avances statutaires» izay mitentina 50 Miliara Ariary. Ahitana «autres avances» ihany koa izy izay mitentina 120,4 Miliara Ariary ary ahitana «disponibilité mobilisable» izay mitentina 958 Miliara Ariary. Mizara telo kosa ny findramam-bola avy any ivelany, ka ahitana ny «emprunt» izay mitentina 3382,7 Miliara Ariary entina hamatsiana ireo «projets d'investissement», ny «financement exceptionnel» izay «aides budgétaires» mitentina 312,7 Miliara Ariary avy amin'ny BAD sy famaranana ny FEC avy amin'ny FMI ary «amortissement» izay mitentina 631,9 Miliara Ariary.

FANAMARIHANA:

1. Tokony hambara mazava ato anatin'ny Volavolan-dalàna ireo Faritra roa vaovao izay voaresaka ao amin'ny famelabelarana ny Antonantony.
2. Koa satria efa nampidirina ao anaty Tetibolan-panjakana 2024 ny fananganana Faritra roa vaovao dia tokony ho hita taratra ao amin'ny Tetibolan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny fandaniana mikasika ny «Prefectures» amin'ireo Faritra 2 hatsangana ireo.
3. Tsapa fa manoloana ny tanjona fanatsarana ny fampidiram-bolan-panjakana dia hita fa tsy misy ny fandraisana mpiasa vaovao na «recrutement» mifanandrify amin'izany ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ka tsara hitondrana fanazavana.
4. Noho ny «procédure» lava loatra dia tara ny famoaham-bola amin'ny ady atao amin'ny valala, hany ka lasa tsy mamokatra tsara izany ady atao amin'ny valala izany satria tsy ara-potoana ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa eny amin'ny ivotoerana famonoana valala (IFVM) na ireo sampana, toy ny «Centre National de Lutte Antiacridienne» (CNLA). Tsy misy ihany koa ny fitaovana entina miasa. Tokony hitadiavana hevitra entina mamoka haingana izany vola izany mba hahafahana manatsara ny ady izay atao.

Rehefa avy nanao fanamarihana ny mpivory dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana.

FANONTANIANA SY VALINY:

1. **Inona no “indicateur” hahafahana milaza fa nahomby ireo fepetra noraisina mikasika ny fitantanana ny hetra?**

Ny DGI dia manao toman'ezaka hatrany mikasika ny fahatrarana ny vina izay apetrany. Ao ohatra ny fanaovana toman'ezaka eny ifotony «contrat de performance» isaky ny sampandraharaha misy.

Raha ny fampidiran-ketra manokana dia nahitam-pahombiazana ny fepetra noraisina indrindra teo amin'ny fampidirana ho ara-dalàna ireo sehatra tsy ara-dalàna. Mikasika izany manokana dia nahatratra 44 000 ireo tafiditra ao amin'ny sehatra ara-dalàna ka nanampy betsaka tamin'izany fahombiazana izany ny tetikasa “Ny anjara hetrako” izay hetsika nahafahana nanamora ny fidiran'ireo mpiantsehatra tsy ara-dalàna ho ao amin'ny ara-dalàna satria dia natao tsotra ny antontan-taratasy nilaina izay tsy nisy afa-tsy ny Karapanondrom-pirenena sy ny fanamarinam-ponenana miampy fanefana vola 16 000 Ariary.

2. **Inona no nahatonga ny Governemanta nisafidy manokana ny famokarana mangahazo? Noho ny “apport nutritionnel” entiny ve sa noho ny lafiny ara-technikam-pamokarana?**

Raha ny fantatra dia ambony ny tahan'ny “amidon” ao anatin'ny mangahazo, izay mbola hafarana avy any ivelany. Koa ny fampitomboana ny famokarana mangahazo dia heverina fa hampihena izany fanafarana «amidon» izany izay ilaina amin'ny famokarana.

3. Ahoana ny fomba hitsinjarana ny “Fonds de péréquation” eny anivon’ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana na CTD?

Mizara roa ny fidiram-bolan’ny CTD dia ny “subvention” sy ny “Fonds de péréquation”. Momba ny “subvention” izay avy any amin’ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia efa nambara teny aloha fa niakatra 16,66% izany.

Momba ny “Fonds de péréquation” kosa dia voafaritry ny Lalàna laharana faha-2014-020 izay mifehy ny CTD izany. Io lalàna io no mamaritra ireo karazana hetra ahafahana mamatsy ny “Fonds de péréquation”. Koa rehefa voaangona ireo hetra ireo dia mirotsaka avy hatrany any amin’ny FDL ny anjaran’ny “Fonds de péréquation”.

Ho an’ny taona 2024 dia vinavinaina ho 20 Miliara Ariary izany.

4. Ahoana no nahafahana namaritra ny “taux de pression fiscale” ho 12%?

Raha ny “formule” dia ny “recette fiscale” zaraina amin’ny “PIB nominal” no nahazoana ny “taux de pression fiscale”. Koa raha ny taona 2024 dia 9 735 Miliara Ariary ny “recette fiscale” ary 79 179 Miliara Ariary kosa ny “PIB nominal” izay nahafahana namaritra ny “taux de pression fiscale” ho 12%.

5. Ny fidinan’ny fanondranana ny harena an-kibon’ny tany ve dia ampy nampidina ny harikarena faobe ny taona 2023?

Ny fambolena sy fiompiana, ny harena an-kibon’ny tany, ny BTP, ny fizahantany ary ny “textile” no anisan’ny fototra mampiangana ny harikarena. Ho an’ny sehatry ny harena an-kibon’ny tany manokana, indrindra ny fitrandrahana grafita dia nandeha be izany noho ny fivoarana ara-teknolojia maneran-tany, indrindra ny fiaborobon’ny fiara mandeha amin’ny herinaratra izay mampiasa “batterie”. Nisy fidinany tampoka anefa ny filàna noho ny filazan’ny orinasa lehibe iray ho nahita teknolojia vaovao mahasolo ny grafita sy nikela ary ny kôbalta amin’ny fanamboarana ny “batterie”.

Ireo no heverina ho antony nanampy trotiraka ny fidinan’ny harikarena faobe ny taona 2023.

6. Nahoana no midina hatrany ny fandraisana anjara ara-bolan’ny Fanjakana amin’ny fanatanterahana ny vaksiny raha oharina amin’ireo mpiantsehatra hafa?

Ny vola misoratra ho an’ny vaksiny anaty PLFI dia mifanaraka amin’izay tarehimarika nomen’ny Minisiteran’ny Fahasalamana izay manamarina fa io no ilaina ho an’ny taona 2024 noho ny fihenana ny filàna taorian’ny fotoan’ny “COVID-19”.

Tena tokony hiezaka tokoa isika hahaleo tena amin’ny fanatanterahana ny vaksiny; na dia izany aza, zava-dehibe ny fananana ireo mpiara-miombon’antoka amintsika izay manamaivana ny fanatanterahana izany.

7. Ahoana ny “rapatriement des devises” ny vola miditra amin’ny fanondranana “cuivre”, “epidolyte” ary “malachite”?

Efa nisy ezaka natao amin’ny fanerena ireo mpanondrana entana any ivelany mba hanao ny “rapatriement des devises”, ka ho an’ny sehatry ny harena an-kibon’ny tany manokana dia efa nisy ny «réforme» ho fampiroboroboana io sehatra io mba hanampy tosika ny «réserve de devises».

8. Mbola tsy mihatra ve ny fanapahan-kevitra tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny Oktobra 2022 mikasika ny fanafoanana ny hetra amin'ny fanafarana ny «matières premières» momba ny fanamboarana fanafody?

Raha ny TVA manokana dia efa voafaritra ao amin'ny «Code des Impôts» ny «exonération» mikasika ireo «matières premières» ireo.

9. Mety mitovy ve ny sora-bolan'ny «plan national de péréquation»?

Arakaraka ny fidiran'ny hetra no mamatsy ny «plan national de péréquation», ny hetra rehetra tafiditra ao FDL dia tafiditra ao amin'io «plan» io avokoa, tsy tokony hitovy ny sora-bola isan-taona fa arakaraky ny hetra miditra.

10. Rahoviana no tonga any amin'ny Kaominina ny vola momba ny hetra tambatra na ny “Impôt Synthétique”?

Isam-bolana dia misy ny «comptabilité des recettes» mba ahafahana mitsinjara ireo vola ireo avy hatrany.

11. Voara-maso tsara ve ny vola ampiasain'ireo mpandraharaha vahiny?

Marina tokoa fa misy ireo entana izay alefa mankany ivelany kanefa tsy misy ny «rapatriement des devises», ka nandray fepetra ny Fanjakana rehefa hanao fanavaozana ny fahafahana manondrana.

Misy koa ireo vahiny mampiasa ny fanamarinam-ponenana izay an'ny Malagasy ahafahany manangana ny orinasany, ka tsy maintsy asiana fanaraha-maso izany.

12. Ahoana ny fomba itakiana ny «ristourne» sy ny «redevance»?

Ny «ristourne» dia tsy ny ao amin'ny DGI no miandraikitra izany, fa ny hetra sy ny «redevance» no iandraiketany.

Rehefa misy ny lalàna nolaniana dia mamoka «arrêté» ny Minisitara ka arotsaka any amin'ny Kaominina tokony hisitraka izany ny «redevance» ary ny “Trésor” no mamoka ny vola.

13. Ahoana no tokony hatao raha misy ny Ben'ny Tanàna manodinkodina ny FDL?

Azo atao ny manasazy ny Ben'ny Tanàna manao izany

14. Ahoana ny mikasika ny fiakarana amin'ireo «indemnités des personnels de l'éducation»?

Mizara roa ny fanovàna natao dia nampiakarina ny “indemnités de logement” ho 50 000 Ariary raha toa 14 000 Ariary izany ankehitriny. Eo koa ny mikasika ireo mpampianatra FRAM izay nohatsaraina ho toy izao: eo amin'ny «préscolaire» sy ny “primaire” dia nakarina ho 150 000 Ariary raha 110 000 Ariary izany ankehitriny, ny «Collège» 180 000 ariary raha 120 000 Ariary izany ankehitriny ary ny «Lycée» dia 200 000 Ariary raha 150 000 Ariary ankehitriny.

15. Tafiditra ao anatin'ny Faritra roa vaovao hantsagana ve ny Faritra Ambatosoa?

Efa nisy lalàna nametraka io Faritra io izay nolaniana teto amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, tsy tafiditra ao anatin'ireo Faritra roa vaovao resahana ireo intsony ny Faritra Ambatosoa.

16. Ahoana ny ahatratarana ny «taux d'exécution budgétaire» 100%?

100% avokoa ny vinavina mikasika ny «taux d'exécution budgétaire» satria izay no tanjona apetraka atỳ ampiadohana. Betsaka ny fanovàna entina hanatsarana ny Fitantanam-bolam-panjakana ao anatin'ny any ivelany. Ambany be ny «taux d'exécution» mikasika ny famatsiam-bola ivelany satria vitsy ny «régularisation des financements externes» vita. Maro ny “ateliers” (teo amin'ny fito teo) natao mba hamahana io olana io ary efa misy ny «points de convergence» mikasika ny fanatsarana ny fanaovana izany “régularisation” izany. Mikasika ny famatsiam-bola anatin'ny kosa, matetika ny resaka «taux de régulation» sy «nomination des acteurs budgétaires» no mahatonga ny «faible taux d'exécution». Efa manao fandaminana anatin'ny Minisitera ahafahana manatsara izany.

17. Mikasika ny karaman'ireo Sefo Fokontany, misy ireo Kaominina tsy misy «réseau» ka tsy afaka alaina amin'ny «Mobile Banking» ny vola; eo ihany koa ny fahatarana amin'ny fahazoana ny vola ao anaty finday. Aiza ho aiza ny ambiny 6 volana tamin'ny karaman'izy ireo tsy mbola voaray satria dia 3 volana ihany no mbola voaray hatreto?

Raha ny mikasika ny karaman'ny Sefo Fokontany dia didim-panjakana no namaritra ny fandefasana azy amin'ny «Mobile Banking». Efa natao ny tolo-barotra tamin'ireo tambazotra amin'ny fandefasana azy io. Tsy atahorana ihany koa ny mety hisian'ny «doublon» satria efa misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny «opérateur téléphonique» sy ny Minisitera. Misy anefa ny laharana finday omen'izy ireo izay tsy mifanaraka amin'ny anarana nomeny rehefa manao «vérification d'identité» ao anaty «base de l'opérateur» ka tsy ahafahana mandefa ny vola. Efa mitàdy vahaolana hafa toy ny fanaovana «paiement par carte» sy «paiement digital» ny Minisitera. Telo volana no naloa aloha ary marihina fa tsy misy ny mihantona atỳ amin'ny «Tsésor» hatreto.

18. Mikasika ny volan'ny CIAD indray, misy ve sa tsy misy? Misy olana maro ny fangalana azy io eny amin'ny «Trésorerie Générale» eny anivon'ny Distrika toy ny fahazoana alàlana avy any amin'ny Minisitera Foibe izay vao mahazo maka mihoatra ny 100 000 000 Ariary; eo ihany koa ny fanalavirana ny vahoaka satria taloha dia azo alaina teny anivon'ny «Trésorerie Générale» teny ifotony izy io, ankehitriny anefa dia tsy maintsy mandeha atỳ amin'ny Foibe vao mahazo azy. Firy isan-jato amin'ny CIAD no azo atao solika?

Tsy ilàna fahazahoan-dàlana manokana ny fakàna ny CIAD fa mety misy olana arataratasy ny tsy ahazoana izany. Raha misy ny olana dia afaka miantso ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana mivantana. Nisy ny fanatsarana teo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana izay manaraka ny fenitra iraisam-pirenena sy fanohizana ny fitantanam-bolam-panjakana eny ifotony, manao fangatahana ny any ifotony ary alefa atỳ amin'ny Foibe, mikirakira ny antontan-taratasy ny Banky Foibe (soso-kevitra avy amin'ny FMI) ary avy eo dia mandoa ny vola ny any ifotony. 35% an'ny “compte 2317” ihany no azo atao solika.

19. Nahoana no misy fahatarana ny famatsiam-bolan'ny Kaominina eo amin'ny lafiny sekoly sy hôpitaly kanefa tonga ara-dalàna eo anivon'ny Kaominina izany? Ho an'ny Distrikan'Amparafaravola izany?

Misy «dispositif» karazany maro ny famatsiam-bola ary misy «logiciel» manara-maso izany. “Mandatement” avy any amin'ny MID ny “subventions” ho an'ny CSB sy EPP.

20. Nahoana no efa mipetaka any an-toerana ny takelaka milaza fa hamboarina ny làlana iray, kanefa rehefa anontaniana ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy dia milaza fa tsy mbola misy ny lela-vola hanaovana azy fa sora-bola ihany no hita?

Mila jerena ny voarakitra ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny Teti-bolampanjakana ka raha hita ao izy dia manao ny "procedure" rehetra hatramin'ny «mandatement» ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy. Rehefa vita izany dia andraikitra ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no manamarina ny antontan-taratasy rehetra ary izay vao azo ny vola.

21. Hafiriana ny fandoavana ny elanelana misy eo amin'ny «mandatement» sy ny «paiement»?

Misy ny mbola tsy nahazo «visa», misy koa ireo mbola an-dalam-panatanterahana, ka izany no mahatonga io elanelana io. Izay vita «mandatement» ihany no atao «paiement». Ny fandania izay tafiditra ao anatin'ny «cadrage» dia tsy misy atahorana ny fandoavana azy.

22. Ahoana tsara io sora-bola 225 051 163 000 Ariary natokana ho an'ny «Pipeline Efaho» izay voasoratra ao anatin'ny "document de performance" io?

Misy sora-bola ho an'ny tetikasa "PIPELINE EFAHO" ao amin'ny LFI 2023 izay an-dalam-panatanterahana ankehitriny. Mbola ny sora-bola momba io tetikasa io ihany no ao amin'ny LFI 2024 izay fitohizan'ny asa.

23. Toa misy hoe "LFR 2023" any anatin'ny boky tovana?

Tsy nisy LFR tamin'ity taona 2023. "LFI 2023" no tokony hisoratra ka hahitsy izany.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandania ny Volavolan-dalàna ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola:

Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy 1: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-18: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-19: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny Volavolan-dalàna ny Vaomiera ka nolanian'ny mpikambana tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 ary aorian'izay no hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa TSARADIA Marco, tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanatsiana mikasika ny tatitra vao novakiana teo ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha no manao izany vao ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy nisy nanao fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola kosa nanambara fa manana fanamarihana sy fanitsiana maromaro mikasika ny tatitra novakiana teo ny solotenan'ny Governemanta saingy hatao an-tsoratra izany mba tsy handaniana fotoana loatra.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa azo apetraka ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena izay taratasy misy ny fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra hataon'ny solotenan'ny Governemanta izay.

Taorian'izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa misy Tolo-kevitra nataon'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, ka nanome fitenenana ny Filohany ny tenany mba hamaky izany ho fantatry ny rehetra.

Nanatanteraka izany Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, ka toy izao ny fivakiny:

Vaomiera nakan-kevitra ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, koa taorian'ny asam-baomierana momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 dia mitondra izao tolo-kevitra izao izahay.

Ny antom-pisian'ny fanombanana ny politikam-panjakana izay voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana dia ny ananana toky fa: mitombina, mifandrindra tsara, tena tanterahina tokoa, mahomby sady tsara fiasa ny vola ary nisy fiantraikany azo tsapain-tànana ireo politika ampiharina eto amintsika.

Ny fikatsahana fahombiazana sy ny fampiasam-bola araka ny tokony ho izy izay fonosin'izany fanombanana izany dia anisan'ny fanamby manan-danja manokana ho an'ny firenena mitady fandrosoana. Ny tetibolam-panjakana dia politika iray lehibe ifotoran'ny fanatanterahana ireo tetikasam-panjakana eto amintsika.

Noho izany, raha nantsoina hakan-hevitra momba io tetibolam-panjakana io ny Vaomiera dia ireto no azo ambara:

1. Mikasika ny vanim-potoana nanadihadiana ny volavolan-dalàna

Ny andininy faha-47 ao amin'ny Lalàna Fehizoro mifehy ny Tetibolam-panjakana dia mametra mazava fa 30 andro no fetra farany handinihana ity farany. Midika izany fa mavesa-danja sy sarotra fakafakaina ny tetibolam-panjakana. Rariny loatra izany satria mifono ny famatsiam-bolan'ireo asam-bahoaka manontolo na sosialy na ara-toekarena na fampandehanan'asa.

Ny zava nisy anefa tamin'ity fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa taona 2023 ity na dia voalaza fa tonga ara-potoana taty amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny 30 Oktobra aza ny antontan-kevitra, andro iray sy tapany fotsiny. Izany hoe afak'omaly tolak'andro sy omaly tontolo andro no nandinihana azy, satria efa tonga ny fe-potoana tsy maintsy ampitana azy any amin'ny Antenimierandoholona.

Mazava ho azy fa tsy ampy ny faharetan'ny nandinihana ny LFI 2024 ka tsy ahafahana manombana azy ara-dalàna. Mino sy manantena ny Vaomiera fa amin'ny fotoana ho avy dia sady ho ara-potoana ny fahatongavan'ny volavolan-tetibolam-panjakana no ho ampy ny fotoana hatokana handinihana izany, mba nahafahana mamoka tsoa-kevitra feno hananan'ny Firenena sy ny vahoaka ao aminy tetibola mifanandrify amin'ny tena filàny sy ny tombontsoany; na izany aza anefa, misy ihany ny azo ambara taorian'ny iray andro sy tapany niaraha-nidinika izay.

2. Mikasika ny famelabelarana ny antonantony (Exposé des motifs)

- 2.1 Momba ny fironana ankapobeny namaritana ny tetibola, andry telo no voalaza fa iankinan'ny tetibola dia:
- i Ny andry mahaolona
 - ii Ny andry ho an'ny indostria
 - iii Ny andry ho an'ny fitantanana

Heverina fa mitombina ireo satria:

Ny andry mahaolona izay mifono ny fiahiana ara-tsosialy, ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny fampananan'asa ary ny fampiofanana dia mifandraika amin'ny tena ilain'ny isambatan'olona. Izany hoe, ny vahoaka Malagasy 27 tapitrisa. Midika izany fa mbola misy ezaka fampandrosoana tokony hotratrarina ary voamarina izany raha ny tarehimarika navoakan'ny Banky Iraisam-pirenena izay maneho fa 80,7%-n'ny Malagasy no miaina ao anatin'ny fahantrana lalina.

Koa raha milaza ny volavolan-dalàna ao amin'ny pejy faha-3 fa efa “nahafahana nanatratra ny fahataràna amin'ny fampandrosoana” ny dimy taona lasa dia tokony hosoloina izany ka hovaina hoe: “nitondra fanatsarana mankany amin'ny fampandrosoana ny Fanjakana”.

Marihana fa efa neken'ny tomponandraikitra tao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola io soso-kevitra io.

Ny andry ho an'ny indostria izay ahitana ny rafi-pambolena afaka miaritra ny fiovaovan'ny toetr'andro ho amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo dia mifandraika ihany koa amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra izay onenan'ny maro an'isa amin'ny vahoaka Malagasy. Noho izany, ilaina ny fanatsarana ny fiainana any sy ny famokarana. Misintona ny sain'ny tomponandraikitra hijery akaiky ny fampiasana masomboly katsaka "hybride mécanisés" anefa ny Vaomiera.

Eto koa dia misy fanehoan-kevitra mifamahofaho satria raha milaza ny volavolan-dalàna teny malagasy fa nisy fihatsarana ny tetibola ho fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, ny isan-jaton'ny harikarena faobe na PIB no voalaza ao. Raha vakiana anefa ny fandikana azy amin'ny teny frantsay, lasa isan-jaton'ny Tetibola na "budget" no voasoratra ao. Koa satria iarahantsika mahalala fa zavatra samihafa ireo dia tokony hahitsy izay tsy izy amin'ireo.

Ny andry ho an'ny fitantanana izay ahitana ny fanamafisana ny fitsinjaram-pahefana sy ny ady amin'ny kolikoly dia tsara petraka.

2.2 Momba ny fitodiky ny tetibolam-panjakana

➤ Eo amin'ny sehatry ny fampidiram-bolam-panjakana

Anisan'ny heverina fa zava-dehibe ato amin'ity tetibolam-panjakana ity ny fijerena ny fanatsarana ny fanangonan'ireo Kaominina ireo hetra efa voafaritra ao anatin'ny lalàna mba hahafahan'izy ireo hisitraka fidiram-bola misimisy kokoa ho fampandrosoana ny tanàna iadidian'izy ireo sy handoavana ny karaman'ireo mpiasa ao aminy.

➤ Eo amin'ny sehatry ny fandanian-bolam-panjakana

Voamarina ary ankasitrahana ny fampiakarana ny "indemnités de logement" ho an'ireo mpampianatra izay niaraha-niaiky fa tena latsaka ambany teo aloha satria 14 000 Ariary ka hampiakarina ho 50 000 Ariary manomboka amin'ny taona ho avy izao. Tokony ho 100 000 Ariary io fa kely loatra raha oharina amin'ny vidim-piainana misy amin'izao fotoana izao.

3. Mikasika ny "Document de performance"

Hita taratra araka ny fanazavana nentin'ireo tomponandraikitra isan-tokony tao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola fa misy ny asa efa natomboka kanefa tsy mbola vita ka tsy maintsy tohizana, toy ny fanamboarana fantsona fitarihan-drano ao Efaho izay mbola misy fandania goavana vinavinaina eo amin'ny 225 051 163 000 Ariary eo.

Ao koa ireo asa fanamboaran-dàlana maro izay tena ilaina hanamorana ny fivezivezen'ny olona sy ny vokatra, ka singanina sy hisintonana ny saina ny famaritana ny tetibola satria raha ampitahaina ny lalam-pirenena faha-14 mampitohy an'Ifanadiana sy Ikongo ary Vonipeno izay mitentina 10 480 000 000 Ariary dia toa tsy mifandanja amin'ny tetibidin'ny lalam-pirenena faha-3 mampitohy an'Antananarivo Renivohitra sy Anjozorobe izay fohy lavitra kanefa anokanana vola mitentina 20 000 000 000 Ariary. Noho izany, misy fampifandanjana tokony hapetraka ao.

Nisy koa ny fanovàna ho tsaratsara kokoa ny boky mandrafitra ity tetibolam-panjakana taona 2024 ity, ka nampihena ny isan'ny pejy no sady nanamaivana ny lanjany.

Raha ny fanazavana dia kendrena hanamora ny famakiana io tetibola io ihany koa izao fanovàna izao. Ny manao zavatra anefa tsy mora ary efa nampitaina mivantana tamin'ireo tomponandraikitra sy teknisiana ireo soson-kevitra fanatsarana ireo. Na izany aza, marihina manokana eto, fa ireo "indicateurs" izay ny Minisitery sy ny Andrimpanjakana ary ny «organes» isan-tokony no namaritra azy dia tena mbola mila fandinihana lalina mba hifanandrify amin'izay ilana azy mba hahafahana manombana ny fahatratrarana ireo tanjona na tsia isan'ambaratongany. Raha tsy izany, lasa fomba fialana andraikitr'ireo izay manolotra ny volavolan-dalàna satria tsy izy ireo hono no tompon'ny hevitra na tomponandraikitra momba an'io ka tsy afaka mitondra fanazavana.

4. Mikasika ny "Document budgétaire"

Marihina eto fa ny boky voalohany sy faharoa ao amin'ny Toko faharoa amin'ity Tetibolataona 2024 ity dia ny "document budgétaire" izay manome ny antontan'isa rehetra; na ny vola miditra na ny fandanihana dia miainga amin'ny tetibola 2023 LFI izay nomena ny "colonne" voalohany ao amin'ireo boky ireo. Eto anefa dia lasa tetibola nasiam-panitsiana 2023 no anarana entin'izany na LFR izay iarahantsika mahalala fa tsy nisy.

Koa soso-kevitra entinay eto ny tokony hanitsiana na hanamarihana an'izany amin'ny alàlan'ny fampitandremana na "avertissement" mba hifanaraka amin'ny tena izy.

Fanamarihana:

Hita nandritry ny asam-baomiera nanadihadiana ity tetibolam-panjakana, taona 2024 ity, fa nisy ny ezaka fanovàna sy fanatsarana teo anivon'ny Minisitery ary tsapa koa fa nihaino ireo fanamarihana tany aloha mikasika ny fahabangan'ireo antontan-kevitra voatanisa ao amin'ny Andininy faha-57 ao amin'ny Lalàna Fehizoro izay mandrafitra ny tetibolam-panjakana ka na efa atỳ amin'ny farany ihany amin'ity "législature" ity dia voaray ny ankapobeny afak'omaly. Tsy tratra ny fandinihana izany kanefa dingana iray mankany amin'ny fihatsarana ihany koa io satria izay no ahafahan'ny Antenimierampirenena manatanteraka ny andraikitra iray lehibe toy ny fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta izay faritan'ny Andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Fanampin'izany, eo amin'ny fomba fiasa, tsara raha misy teknisiana na dia iray ihany aza avy amin'ny Minisitery "sectoriels" miara-mandray anjara amin'ny asam-baomiera mba ahafahana mahazo fanampim-panazavana mikasika ny andraikitr'ireo Minisitery niavian'izy ireo.

Eto am-pamaranana, mitondra ny teny fankasitrahana amin'izao asa lehibe dia lehibe vita teo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola iadidian-dRamatoa Minisitry izay nanomana ity Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2024 ity. Mampirisika sy manantena indrindra koa mba hitondra fahombiazana ireo ezaka rehetra ataonareo ka ho tantara sisa izao fahantrana lalina misy ny firenena izao. Mirary fihatsarana hatrany ho an'ny firenena.

Momba ny fandanihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024 kosa, nahatsikaritra ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana fa tsy ampy ny fotoana nandinihana izany saingy ny Solombavambahoaka rehetra no tompon'ny fanapahan-kevitra amin'izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore tamin'ny famakiana izay Tolo-kevitra izay, Ramatoa Filoha dia nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy tian'izy ireo hambara mikasika izany.

Nanambara Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa lava ny adihevitra tany amin'ny Asam-bomiera raha ny tatitra novakiana teo no jerena. Nohamafisiny fa vonona hamaly ny fanontanian'ny Solombavambahoaka ny Minisitera sahaniny raha misy izany ary vonona hanome fanampim-panazavana ihany koa.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka raha misy manan-kambara mikasika izay voalaza rehetra teo.

Fisaorana an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore tamin'ny Tolo-kevitra narosony no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, raha nandray fitenenana. Nambarany koa fa maro ny ezaka tamin'ny fanatsarana ity Volavolan-dalàna ity. Mitsinjo ny vahoaka Malagasy ihany koa izy ity, hoy izy, ka nanentana ny Solombavambahoaka namany ny tenany mba handany ny Volovolan-dalàna momba Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa nanamarika fa voahaja daholo ny fepetra tokony harahina tamin'ny fandinihana ity Volavolan-dalàna ity. Ohatra raisina amin'izany, ny fanajana ny fotoana nahatongavany teto amin'ny Antenimierampirenena. Nambarany koa fa nalaza tao amin'ny tambazotran-tserasera ny resaka "indemnité"-n'ireo Mpampianatra, tsy nisy Solombavambahoaka na dia iray aza nisakana tamin'izany fanatsarana sy fampiakarana izany.

Nomarihany manokana koa, fa hitondra fampandrosoana ho an'ny taona 2024 ho avy io ity Volavolan-dalàna ity satria mifototra tanteraka amin'ny resaka sosialy sy fanatsarana fotodrafitrasa ny votoatiny. Noho izany, miombon-kevitra amin'ny Vaomiera nandinika ny Volavolan-dalàna ny tenany tamin'ny fanapahan-kevitra noraisiny ary nanentana ny Solombavambahoaka rehetra mba handany izany mba hahafahan'ny Filohan'ny Repoblika miasa ara-dalàna.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana koa ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera na ny soloteny raha misy tian'izy ireo hambara.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ity Volavolan-dalàna ity no nataon'Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, raha nandray fitenenana. Aleo koa miroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mba tsy handany fotoana be loatra satria tsapa fa miombon-kevitra amin'ny tokony handaniana ny Volavolan-dalàna ny rehetra raha ny fandraisam-pitenenana teo no dinihana.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny mpivory, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024, ny mpivory.

Nomarihany fa tsy nasian'ny Vaomiera fanitsiana sy fanovàna ny andininy rehetra tany amin'ny Asam-baomiera niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola.

Toy izao no fizotran'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy:

- **Famelabelarana ny Antonantony na ny «Exposé des Motifs»:** Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Famelabelarana ny Antonantony.

- **Andininy Voalohany:** Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Voalohany.

- **Andininy faha-2:** “Code des Impôts et des Procédures Fiscales”: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-2.

- **Andininy faha-3:** Faditseranana na ny «DOUANES»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-3.

- **Andininy faha-4:** «Les Produits et Revenus applicables au budget 2024»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-4.

- **Andininy faha-5:** «Le Plafond des Crédits Autorisés au Titre des Intérêts de la Dette, des Pouvoirs Publics, des Moyens des Ministères, des Autres dépenses affectées, de la Dotation aux Communes, des Dépenses d'Investissements et des Opérations d'Ordre» : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-5.

- **Andininy faha-6:** «Limite des Crédits s'appliquant à certains Pouvoirs Publics, Organes Constitutionnelles et certaines Opérations» : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 61 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-6.

- **Andininy faha-7:** « Dépenses d'Investissement, Ressources Propres, Emprunts Etat, Subvention Extérieure, Fonds de Contre-Valeur » : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-7.

- **Andininy faha-8:** « Le Plafond des Crédits de Paiement Ouverts au Titre des Dépenses D'Investissements » : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-8.

- **Andininy faha-9:** «Budget Annexe des Postes et Télécommunications »: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-9.

- **Andininy faha-10:** « Budget Annexe de l'imprimerie Nationale » : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-10.

- **Andininy faha-11:** «Les Opérations des Comptes Particuliers du Trésor»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-11.

- **Andininy faha-12:** «Avances, Prêts et Participations du Ministère de l'Economie et des Finances»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-12.

- **Andininy faha-13:** « Les Opérations Génératrices de Fonds de Contre-Valeur et Assimilées»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-13.

- **Andininy faha-14:** « Prévisions des Opérations de la Dette Publique »: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-14.

- **Andininy faha-15:** «Les Conditions Générales d'Equilibres de la Loi de Finances»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-15.

- **Andininy faha-16:** Fepetra Manokana na ny "Dispositions Spéciales": Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-16.

- **Andininy faha-17:** Fetran'ny Findramam-bola na ny «Plafond de l'Endettement» : Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-17.

- **Andininy faha-18:** "Autorisation à la Banky Foiben'i Madagasikara": Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-18.

- **Andininy faha-19:** «Création d'un Compte Spécial dans les écritures du Payeur Général d'Antananarivo»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-19.

- **Andininy faha-20:** «Création et la Perception par le Ministère en charge de l'Artisanat d'une redevance au titre des Services Rendus»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-20.

- **Andininy faha-21:** «Le taux d'intérêt appliqué pour le calcul des intérêts de BTS Ambatovy»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-21.

- **Andininy faha-22:** Havoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika izao Lalàna izao na hoe «La Présente Loi sera Publiée au Journal Officiel de la République»: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 63 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-22.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanpahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024, indray ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny faha-17 Jolay 2004 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana izay mamaritra ny fandania ny tetibolam-panjakana no hampiharina. Koa ezahana ny hampihatra izany antsakany sy andavany.

Izay mandany ny Tomban'ezaky ny Fidiram-bola sy ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du Projet de Loi portant Loi de Finances, pour 2024) izay hita ao amin'ny andininy faha-4 « Tome II » ny antsipiriany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny « **Equilibre Général du Projet de Loi portant Loi de Finances, pour 2024** ».

Izay mandany ny Tomban'ezaky ny Loharano sy ny Fandania ny vola kirakira (Moyens des Ministères et les Autres Dépenses Affectées) izay hita ao amin'ny « Annexes 4, 6 et 7 » ny antsipiriany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny « **Moyens des Ministères et les Autres Dépenses Affectées** ».

Izay mandany ny Fitambaran'ny Iraka eo anivon'ny Minisitera rehetra (Répartition par Institution et Ministères) izay hita ao amin'ny andininy faha-6 ao amin'ny « Tome II » ny antsipiriany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 62 no nandany; tsy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny « **Répartition par Institution et Ministères** ».

Izay mandany ny Sora-bolan'ny Tetibola Anankina sy ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, les Opérations des Comptes Particuliers du Trésor) izay hita ao amin'ny andininy faha-9,10, 11.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 63 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny « **Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, les Opérations des Comptes Particuliers du Trésor** ».

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihin-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 63 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ka toy izao no nambarany:

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,

Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Birao Maharitra,

Ny Solombavambahoaka rehetra ihany koa; amin'ny anaran'ny Governemanta iray manontolo no anehoana fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny fahalanian'izao Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2024 izao.

Manantena fa hiaraka hifanome tànana ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena amin'ny ho fampiharana ny tetibolam-panjakana mba hanatanterahana ny tanjona ho fampandrosoana ny firenena.

Fisaorana manokana an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no navalin-dRamatoa Filoha ny teny nambarany ary tsy hadinony koa ny nisaotra ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy nitondra fankasitrahana ny teknisianan'ny Minisitery iadidiana tamin'ny nahatomombana ny fandrafetana ity volavolan-dalàna ity satria iankinan'ny aim-pirenena ny fampiasana azy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny fihaonana saika hatao miaraka amin'ny UNICEF rahampitso dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka.

Nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ka nomena fitenenana, nambarany fa tokony hisy ny fihaonan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka amin'ny Lahadinika izay hatao amin'ny herinandro ambony io raha mety. Manarak'izay, mivory ny Solombavambahoaka manohana ny fitondrana anio amin'ny 2 ora, tolak'andro, ao amin'ny « Salle BP ».

Nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa amin'ny Talata 5 Desambra 2023 izao no hivory ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra hamaritra ny lahadinika manaraka. Voaray ny fangatahana teo sady voalaza ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena sy ny Lalàmpanorenana ihany koa ny tokony hanaovana izany.

Niato tamin'ny 1 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona